




Nodimandry ny 8 Aogositra 2013, i **Moïse Rakotosihanaka** (sary eo ambony). Tonga dia ilay izy Lehiben'ny Arofenitry ny Prezidansy
*(« Chef du Protocole de la Présidence »)*
tamin'ny andron'ny Amiraly Didier Ignace Ratsiraka no mby an-tsaina. Eny na dia tsy voasoratra ao amin'ny ferapara aza izany. F'efa Loholona
*("Sénateur")*
koa izy.



FILAZANA MANJO

Noho ny fihavanana dia amin'ny alahelo lehibe no ampandrenesana anareo fa nodimandry

*Andriamatoa*

**Moïse Rasolohery**
**RAKOTOSIHANAKA ANDRIAMIANDRA**

**Ministre Plénipotentiaire retraité**
**Ancien Sénateur de Madagascar**
**Grand Croix de 2ème Classe de l'Ordre National**
**Commandeur de la Légion d'Honneur**

Ny Alakamisy 08 Aogositra 2013

Hoy :

**Ny vadiny :** Rabodonavalona

**Ny zanany :** Aina Hery-Miandra Rakotosihanaka sy Gaëlle Randriamasimanana
Holi Rakotosihanaka sy Xavier Warin
Serge Hajaniaina Andrianaivoravelona sy Antsa Rasoamahenina

**Ny zafikeliny:** Tahina, Aiky, Rija, Sophiane

**Ny iray tampo aminy**
**Ny iray tampo amin'ny vadiny**
**Ny fianakaviana, ny tapaka sy ny namana rehetra**

Ny razana dia andrasana ao Ivandry Ambodivoanjo Lot II J 177 D Ter ny Zoma 09 Aogositra 2013, alohan'ny hitondrana azy any Ambatondrazaka ny Asabotsy 10 Aogositra 2013 amin'ny 6 ora maraina. Ny fandevenana dia hatao ny Alatsinainy 12 Aogositra 2013 rehefa avy nanomezam-boninahitra an'Andriamanitra ao amin'ny FJKM Ilafy Betela, Ambatondrazaka amin'ny 1 ora tolakandro.

*" Efa niady ny ady tsara aho ; nahatanteraka ny fihazakazahako aho ; nitahiry ny finoana aho " 2 Tim 4 - 7*

Dia eto no mipetraka ny fanontaniako, ary manomboka androany dia tokony hametraka izany fanontaniana izany daholo ny Malagasy tsirairay avy eto an-tanindrazana: fa inona kay ny zavatra mba napetrany ho an'i Madagasikara, ho an'ny taranaky ny Malagasy ? Na teto Antananarivo na any amin'ny fatritry ny Sihanaka (Lac alaotra sy Ambatondrazaka) ? Satria, amin'ny naha olona ambony teto amin'ny firenena azy dia nanana fotoana, ary indrindra

indrindra fahefana nametrahana fotodrafitr’asa izy, tamin’izy teo amin’ny fitondrana. Nefa toa tsy nisy na sekoly iray aza no natsangany, fa any aoriana any mety hampitondrana ny anarany indray ny sekoly iray any Ambatondrazaka. Satria ve Loholona teo aloha? Fa raha ilay hoe Lehiben’ny Arofenitra dia mazava be: ny Amiraly no tena notompoiny fa tsy ny vahoaka Malagasy velively. Io no tadidy sisa anefa…

Hisy indray no hiteny fa tsy manaja ny maha-Malagasy indray aho. Milaza ary aho fa tokony hajanona manomboka hatreto ny fiatsarana ivelan’ny tsihy *(“hypocrisie”).* Ny maty rehetra, Tompoko, dia toa lasa olo-masina daholo amintsika Malagasy. Firy izay ny olona ambony efa maty? Inona moa ny zavatra mba napetrany ho an’ny firenena? Rehefa mamaky ferapara vao fantatra fa ministra teo aloha, depiote teo aloha, senatora teo aloha…

Raha miresaka ireo Filoha voafidy teto, dia izao ny zavatra nisongadina napetrany: I Philibert Tsiranana mba nametraka ireo tranon’ny Seimad ao Ampefiloha, Ambodin’Isotry sy ao amin’ny 67ha. Natao *“vente-location”.* Efa lasa tompony daholo ireo rehetra nanofa taloha, ary dia samy nanova ny endriny daholo. Tao amin’ny fitondran’i Dadabe Tsiranana no natsangana ny Hopitaly Joseph Ravoahangy Andrianavalona (HJRA). Ny mikasika an’ny Amiraly Ratsiraka indray dia izy no nanamboatra io Lapa ao Iavoloha ao. An’ny fanjakana io, izany hoe an’ny vahoaka ihany koa.

Raha miresaka an’i Zafy Albert dia tena tsy nisy zavatra mivaingana napetrany tamin’ny fitondrany; Asa raha azo ampidirina amin'ny zava-bitany ilay hoe *“Place Zafy Albert”* ao Ambilobe… Ny an’i Marc Ravalomanana indray dia nanova ny vola 10.000 ariary izy (misy ireo olona telo mandeha amina lalàna); nanamboatra lalàna izy, nefa ireo mety ho simba. Fa raha ireo Magro, Mana, MBS sy ny tariny… dia tsy an’ny fanjakana velively ireo fa an’ny orinasa Tiko, an'ny fianakaviana Ravalomanana.

Ka tokony hihevi-tena amin’izay ireo tompon’andraikitra ho lany na ho voafidy amin’ny repoblika faha-4: mametrà re zavatra ho an’ny vahoaka alohan’ny hanamboaranareo ny villa-nareo sy hividiananareo 4X4 raitra be. Satria tsy hentinareo any am-pasana akory ireo. Rehefa hisy olon’ambony maty (tsy azo hialana io fa tsy manozona aho akory) dia lazao ahy ny mba nataony sy napetrany maharitra ho an'ny firenena e ! Raha i Herizo Razafimahaleo indray aloha dia nanangana orinasa tokoa izy, toa ny AFoma, saingy tsy an’ny fanjakana ihany koa…

Dia an’ny tsirairay amin’izay no mandinika hoe iza marina ny mpitondra tena namela zavatra mivaingana ho an’ny vahoaka Malagasy ka maharitra sy tena ilainy amin’ny fiainany manontolo.

Amin'izay tsy hadino tokoa ny anarany fa hijanona ao amin'ny tena Tantaran'ny Fampandrosoana an'i Madagasikara iombonantsika.

Na izany aza, isika Malagasy tsy miady amam-paty, ka dia maneho ny fiaraha-miory amin'ny fianakavian'i Moïse Rakotosihakana izahay ato aminy madagate.com

**Jeannot Ramambazafy – 11 Aogositra 2013**